



# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 4 – 10 NOVAMBRA 2015

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

### VAOVAO NISONGADINA

Herinandro vitsivitsy taorian'ny fanambarana nataon'ny ambasadaoron'i Frantsa, dia nivoaka tamin'ny fahanginany ihany ny fitondrana Rajaonarimampianina. Ny Filoham-panjakana dia namory mpanao gazety ny andron'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahany hampahalala fa ny adihevitra mikasika ny nosy Eparses dia nifanaovany tamin'ny Filoha frantsay. Nanipy hevitra izy fa mety ho azo atao ny maminavina ny fiaraha-mitantana. Mifototra amin'ny fepetra navoakan'ny Firenena Mikambana tamin'ny taona 1979, Béatrice Atallah, minisitry ny Raharaham-bahiny dia nanamafy fa ireo nosy Eparses dia an'i Madagasikara. Nampahafantariny ihany koa fa hapetraka atsy ho atsy ny vaomiera itambarana frantsay-malagasy hiandraikitra ny famaritana ny fepetra itantanana ireo tany ireo. Tsy nampatokky ny ankabeazan'ny haino aman-jery anefa ny firotsahana an-tsehatra nataon'ireo manam-pahefana. Nanambara ny fitsidihana hataon'ny minisitry frantsay miandraikitra ny Ampitan-dranomasina mikasika ny Nosy Glorieuses, **KOLO TV** dia manozongozona ny fahatokiana nasehon'ny lehiben'ny diplomasia malagasy. Ny haino aman-jery dia mahita io fitsidihana io ho toy ny fomba ampisehoan'i Frantsa fa ireo nosy ireo dia azy. Raha ny fihainoana azy, ireo mpandray anjara tao amin'ny **fundaharana Don-dresaka** tao amin'ny **TV PLUS** dia miombon-kevitra amin'izany ihany koa. Ireo olona nasaina dia nilaza tsy nisy nitsipaka ny faniriany hakana ireo tany ireo amin'i Frantsa. **ANTSIVA** dia nitsikera ny mpitondra fanjakana ary namaky bantsilana ny firaisan-tetik'izy ireo ho manadino fa misy harena sarobidy ao amin'ireo tany ireo. **FREE FM** sy **VIVA TV** dia diso fanantenana ihany koa tamin'ny fihetsiky ny mpikambana ao amin'ny governemanta. Ny voalohany dia mahita ny fisisihan'ny Filoham-panjakana "hifampiraharaha amin'ny firenena mpanjana-tany" ho fialàna mba hanomezana rariny an'i Frantsa. Ny haino aman-jery dia nanome fitenenana ny mpahay politika Edouard Tsarahame izay nilaza ny ahiahiny ny amin'ny efa nivarotan'ny mpitondra ireo tany ireo amin'ny vahiny, ary tsy hadinony ny niampanga ny filoham-pirenena malagasy ho mpamadika tanindrazana. Ny faharoa dia nandika ny fihetsiky ny Filohan'ny Repoblika ho tsy manaja ny Malagasy. **RNM** dia nanandrana eo ho eo ihany hampitony ny adihevitra tao amin'ny **fundaharany Ady Gasy** amin'ny alàlan'ny fanamarinana ny fisian'ny Frantsay any amin'ny nosy Eparses. Izany hoe, ny haino aman-jery dia nilaza fa izany dia fepetra ho fiarovana amin'ny fipetrahana miafinafina atao'ireo jiolahin-tsambo sy vondron'olona sompatra hafa. Ireo haino aman-jery any amin'ny faritra ihany koa dia manaraka akaiky ny hetsika ao anatin'ny faritry ny fitakiana ny nosy Eparses. Ny **fundaharana Tafa sy Dinika** tamin'ny 9 novambra tao amin'ny **RFONE** dia nifantoka manokana tamin'io resaka io. Ny mpanentana ny fundaharana dia niantso ireo manam-pahefana eo an-toerana sy ny mponina hatoky ny Fanjakana amin'io "ady" io izay mampifanohitra ny Firenena malagasy amin'ny Frantsa. **VIVA TV** kosa dia namotopototra ny hevitra

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



ny mponina ao mahajanga mikasika ny resaka nosy Eparses tamin'ny alàlan'ny fakàna feo teny andàlana. Raha toa ny sasany ka nanohana ny ilàna ny fitakiana ireo tany ireo ary niantso ny fitondrana hanao izany koa, maro ihany koa no tsy mahalala ny fisian'ireo nosy ireo ka noho izany dia mihevitra fa tsy voakasik'io fitakiana io.

## FIZOTRY NY FIFIDIANANA

Ny filohan'ny CENI, Hery Rakotomanana dia nanipika fa ny tetiandron'ny fifidianana dia tena voahaja. Izany hoe, ny fifidianana loholona dia hatao amin'ny 29 desambra. Ireo antoko dia afaka mametraka ny lisitry ny mpilatsa-kofidina ao aminy any amin'ny OVEC eo anelanelan'ny 9 sy ny 16 desambra. Hapetraka ny vaomiera hanamarina sy handinika ny filatsahan-kofidina tsirairay. Ireo mpilatsa-kofidina tsy mahafeno ny antontan-taratasy dia hanana 72 ora hamenoana izany. Ny lisitry ny mpilatsa-kofidina amin'ny fifidianana loholona dia ho fantatra amin'ny 29 desambra 2015 ho an'ny faritanin'Antananarivo.

Ny fanomanana ny fifidianana dia mafotaka tanteraka ihany koa any amin'ny faritany izay vao nametrahana ny mpikambana ao amin'ny rantsa-mangaikan'ny CENI. «*Ny antoko politika dia vonona ny hiady ny seza ho ao amin'ny Antenimieran-doholona*» manamarina avy hatrany ny **FREE FM** raha mahita ny toetra tsy mihambahamba asehon'ny MAPAR sy ny HVM. Ny **TV PLUS** kosa dia toa nanamafy izany fiheverana izany ka nilaza fa nisy solontena nomem-pahefana 13 avy amin'ny antoko HVM sy ny antoko AREMA nangataka ny lisitr'ireo antontan-taratasy hohononina. Tsy nitovy hevitra tamin'izany mihitsy kosa ny **MA-TV** sy ny **KOLO TV**. Nanamarika ireto haino aman-jery roa ireto fa 48 ora taorian'ny fisokafana ofisialy, ny OVEC ao Nanisana dia mbola tsy naharay antontan-taratasy filatsahan-kofidina na iray aza. Ao Antsiranana toy ny ao Fianarantsoa, ny haino aman-jery eo antoerana, dia ny **TV VARATRAZA**, **RFONE** ary **RTV SOAFIA** dia nifantoka tamin'ny lanonana fanaovana ny fianianan'ireo mpikambana vaovao ao amin'ny rantsa-mangaikan'ny CENI. Ny **RFONE** dia nanokatra adihevitra ho an'ny daholobe mikasika ny lohahevitra hoe «*Ny fifidianana sy ny hosoka amin'ny fifidianana*», nokarakarain'ny Foibem-panakalozana Tahirin-kevitra sy Fampahalalam-baovao eo amin'ny samy Andrim-panjakana». Ity haino aman-jery ity dia nitsikera mafy ny fiarahamonim-pirenena tao amin'ny fandaharana **Tafa sy Dinika** izay namoahany fa niharihary ny tsy fahampian'ny fifampiresahana teo amin'ny mpanara-maso ny fifidianana sy ny mpifidy. Ny **RADIO TSIRY** kosa dia nampahafantatra ny mpihaino azy ny amin'ny fanofakana ofisialy ny fametrahana ny filatsahan-kofidina ho an'ny fifidianana loholona.

## FOTOTRY NY DISADISA

Ny karama tsy voaloha teo anivon'ny kaominina no loharano fototry ny disadisa tao amin'ny faritra roa eto amin'ny nosy. Ny **RNA** sy ny **FMA** dia nifantoka tamin'ny fifanolanana mampifanohitra ny ben'ny tanàna vaovaon'ny Kaominina ambonivohitr'i Toamasina sy ny mpiasa ao aminy. Tsihivina mantsy fa nohidin'ny mpiasa tsy raikitra ny varavaran'ny Lapan'ny tanàna rehefa nolavin'ny ben'ny tanàna ny fihaonana amin'ireo solontenan'ny mpitokona, satria natao hoe ho ao anatin'ny delegasiona ny «*solontena*» an'izy ireo kanefa tsy misitraka ny sata mifehy ny mpiasa raikitra. Rehefa nosakanana tsy hiditra ny biraony, ny ben'ny tanàna dia niantso ny mpitandro ny filaminana, izay vao

Leader du Consortium      Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



mainka nanapozina kokoa ny fifandraisana teo amin'ny roa tonta. Mba hirosoana amin'ny fandalinana sy tsy hiandania, ny haino aman-jery faharoa dia nangataka ny hevitra ny roa tonta. Ny ben'ny tanàna lefitra voalohany dia nilaza arak'izany fa misy ambadika politika ity fitokonana ity, raha nitaky ny hanoloana ny ben'ny tanàna amin'ny Filohan'ny Delegasiona Manokana kosa ny mpiasa nitokona. Nitovy amin'izay koa ny olana niseho tao amin'ny kaominin'i Mahajanga. Ny PDS niala dia tsy niraharaha ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa sy ny fanitarana ny fifanekena arak'asan'ny mpiasa tsy raikitra sasantsasany, izay niteraka fimonomononana teo amin'ny mpiasan'ny kaominina. Ny **M3TV** dia tsy naka afa-tsy ny hevitra ny tompon'andraikitra teo anivon'ny kaominina, izay nanambara fa miandry amin'ny taona ho avy ny fandoavana rehetra ny karama. Na izany aza, ny kaominina dia handoa ny karama iray volana mba hanampiana ny mpiasa ao aminy.

## FILAZA TSY MENDRIKA

Ny **VIVA TV** dia nandefa ny tsaho mikendry ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana, izay nilazany fa « *tsy misy fifidianana karakaraina mihitsy eto mba hifidianana ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra ny CENI. Ary manaraka izany, ny rafi-pandaminana dia efa voarafitra mialoha. Ka noho izany, ny mpikambana ankehitriny dia mandray 5 tapitrisa Ariary mba hanafainganana ny fandraisany ny asany* ». Na teo aza izany fiampangana mahery vaika atao amin'ny rantsana vaovao miandraikitra ny fifidianana sy ny mpikambana ao aminy izany, dia tsy nitanisa loharano hafa mihitsy ity haino aman-jery ity.

### Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: [tiaray.randriamalala@eces.eu](mailto:tiaray.randriamalala@eces.eu)

Mirana RAZAFINDRAZAKA: [mirana.razafindrazaka@eces.eu](mailto:mirana.razafindrazaka@eces.eu)

Site web: [www.incipals.eu](http://www.incipals.eu)

Leader du Consortium

Membres du Consortium

